Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA 05 SEPTEMBRE 2020
Mitarika : RAFANOMEZANTSOA Roger, Mpitandrina

Lohahevitra: NY FANEKEM-PINOAN'I PETERA SY NY FANALAHIDIN'NY FANJAKAN'NY LANITRA (La confession de Pierre et la clé du Royaume des cieux)

Soratra Masina : Matio 16 :13-20

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina – Amena! Hampitomboana ho aminareo anie ny Fahasoavana amam-piadanana avy ami'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo!

HIRA : 205 and 1,2,3

Vavaka

Vakiteny 1 MATIO 16: 13-14

13 Ary rehefa tonga tany amin'ny fari-tanin'I Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hoe: Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona? 14 Dia hoy ireo: Hoy ny sasany: Jaona Mpanao Batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia na anankiray amin'ny mpaminany.

Fampidirana

HIRA: Antoko Mpihira – Jesoa/ Liva Rakotondratsimba

VAKITENY 2. MATIO 16 : 15 – 17

15 Ary hoy Jesosy taminy : Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza? 16 Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona. 17 Ary namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: " Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra".

Fanazavana fohy

HIRA : 242 and 1,4,5

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

- Vavaka mba hahavelona indray ny finoana izay natoritory nandritra ny confinement sy ny vacances.
- Vavaka ny mba hahasahian'ny tsirairay maneho izay inoany eo anatrehan'izao tontolo izao samy hafa finoana.
- Vavaky ny mpitandrina

VAKITENY 3. MATIO 16 : 18 -19

18 Ary Izaho milaza aminao, ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. 19 Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra; ka na inona na inona fehezinao ety ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra.

Fanazavana fohy

HIRA : 432 and 1,2
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

- Fiverenana ho amin'ny fisokafan'ny Fiangonana indray taorian'ny fialan-tsasatra
- Manodidina ny valan'aretina COVID 19
- Ny mino tsirairay mba hahatsiaro fa nomena fahefana izy ka hampiasa izany hamonjena olona maro.
- Ny tokantrano sy ny fianakaviana!
- Vavaky ny Mpitandrina.

VAKITENY 4. MATIO 16 : 20

20 Ary tamin'izany dia nandrara ny mpianatra Izy mba tsy hilaza amin'olona akory fa Izy no Kristy.

Fanazavana Fohy

HIRA : 334 and 1,2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

- Ho an’ny mpitondra sy vahoaka any Madagasikara
- Ho an’ny Mpitondra sy ny firenena frantsay
- Hanaraka an-tsakany sy an-davany izay asain’I Jesosy atao
- Vavaky ny Mpitandrina.

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

TENY FANDRAVONANA. JAONA 17: 1- 8

1 Rehefa nolazain’I Jesosy izany teny izany, dia nanandratra ny masony ho amin’ny lanitra Izy ka nanao hoe: Ray ô, tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan’ny Zanaka Anao, 2 araka ny nanomezanao Azy fahefana amin’ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an’izay rehetra nomenao Azy.3 Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao. 4 Izaho efa nakalaza Anao tety ambonin’ny tany; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko. 5 Ary ankehitriny, Ray ô, mankalazà Ahy amin’ny tenanao, dia amin’ny voninahitra niarahako nanana taminao, fony tsy mbola àry izao tontolo izao.
6 Nasehoko tamin’ny olona izay nomenao Ahy avy tamin’izao tontolo izao ny anaranao; Anao ireny ka nomenao Ahy; ary notandremany ny teninao. 7 Fantany ankehitriny fa avy taminao izay rehetra efa nomenao Ahy. 8 Fa ny teny izay nomenao Ahy dia nomeko azy kosa, ary noraisiny, ka fantany marina tokoa fa avy taminao Aho; ary nino izy fa Ianao no naniraka Ahy.

TSO-DRANO

“Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin’ny fiavian’I Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany”. Amena!